Ny valosoa sy hadihady

## Tsy milamina ny fifandraisana amin'i Maorisy fa misy hafetsena lalina 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 23 marsa 2019 Laharana 890 Vidiny : 400 Ar


**Zakaria 1: 6** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 121), Madagasikara 19 martsa 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Fifidianana depiote 2

# Nivoaka tamin'ny fahanginany Ravalo




### Mpiasa any Koweït 3

# Diso ny vaovao azon-dRajoelina



### CAN 2019 – LALAO MIVERINA 6

## Hifandona anio ny Barea sy ny Lionan'i Teranga Senegaly



### Antsakaviro- Mascotte 7

## Manao andrana ho fandaminana ny fifamoivoizana ny CUA

### Kandida TIM Ramboasalama Emilien 2

## Niantoka compteur vaovao ho an'ny tsenan'i Namontana

### Depiote Rastany 6

## Mitohy ny asa soa ataony amin'ny vahoaka

### Daka kely

Toa ampijabahan'ny olona foana koa ange ialahy izany ry Boaikely a !

### Lapan'ny Kolontsaina 5

## Hampirefodrefotra azy ry Mage 4 rahampitso



FIFIDIANANA DEPIOTE

## Nivoaka tamin'ny fahanginany Ravalo




Momba ny fifidianana depiote hatao eto amintsika ny 27 mey ho avy izao, nivoaka tamin'ny fahanginany ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana, nisy ny fanambarana nataony omaly. Mielim-patrana manerana ny nosy ny kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM.K25), hoy izy, izay miisa 100 mahery manerana ny Nosy, ao ireo amin'ny anaran'ny TIM fa ao koa ireo K25 mirotsaka amin'ny anaran'ny Tsimiankina . Manoloana izany indrindra ny hafatra nataon'ny filoha nasionalin'ny antoko, ny filoha Marc Ravalomanana, ho an'ireo kandida hitondra ny logo sy ny fanevan'ny TIM.K25. Manana adidy sy andraikitra isika hoy izy eto amin'ny firenena, koa mijoro aho hoy Dada manambara amin'ny fomba ofisialy fa nandrotsaka kandida isika TIM.K25 izay efa nandalo sivana hitondra ny fanevan'ny antoko . Andraikitra lehibe no ho sahanina amin'izany fa tsy ho mpanangan-tanana fotsiny. Hahazo fiofanana ianareo hoy ny filoha Marc Ravalomanana mba ho tena hisolotena ny vahoaka tokoa. Koa vahao ny sakantsakana sy ny disadisa ary ankino amin' Andriamanitra ny asa rehetra, fa izy no hahatanteraka izany . Nandritra ny hafatra nataon'ny filoha nasionalin'ny antoko, Marc Ravalomanana izay ihany koa no nitsofany rano ireo kandida TIM.K25 manerana an'i Madagasikara: tsy natao ho mpanangan-tanana fotsiny ianareo fa tena hiasa ho tombontsoan'ny firenena hoy Dada.

**Helisoa**

Kandida TIM Ramboasalama Emilien

## Niantoka « compteur » vaovao ho an'ny tsenan'i Namontana



Efa ho aman-taonany no may ny compteur-ny Jirama ao amin'ny tsenan' ny tantsaha ao Namontana boriborintany faha 4. Maro ireo olobe efa nantonin'ny mpivarotra tao an-toerana mba hamerina ny jiro tao antsena fa tsy nisy ny namaly izany. Vao naheno ny hataka nataon'ireto farany ny kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) Nomerao faha-4, ao amin'ny boriborintany faha 4 dia avy hatrany izy dia nandoa ny vola notakian'ny Jirama mitentina 2 tapitrisa ariary ahafahana mamerina compteur vaovao, ahafahana manala fahasahiranana ny mpanjifa sy ny mpivarotra ao an-toerana. Izay hoy ny kandida Ramboasalama Emilien no maha- solombavambahoaka ny solombavambahoaka, mijery ny olana mahazo ny mponina ary mamaly ny hetahetany. Tandremo anefa hoy izy fa mila mitandrina amin' ny resaka jiro, mba tsy ho tratran'ny fahamaizana toy ny nitranga teo aloha. Faly ny mpivarotra fa afa-pahasahiranana izy ireo satria tonga ny fahazavàna eto amin' ny tsenan'i Namontana. Nanjaka mantsy hoy izy ireo ny tsy fandriampahalemana vokatry ny haizina raha ny filazan' ireo mpivarotra. Vonona izahay hoy izy ireo hikojakoja ny fotodrafitr'asa vao napetraka mba ho tombontsoan'ny rehetra.

**Helisoa**


Kandida TIM.K25 boriboritany faha 5

## Nanatanteraka fitsaboana maimaimpoana tao Soavimasoandro

Mitohy hatrany ny asa sosialy ataon'ny kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny boriboritany faha 5, tarihin'i Fetra sy Naina chief. Nisy ny fitsaboana maimaimpoana natao tao amin'ny fokontany Soavimasoandro izay tsy nanavahana antoko politika fa natao ho an'ny mponina rehetra ao amin'ny boriboritany faha5 ny alakamisy lasa teo. Mponina miisa 200 mahery no nahazo tombontsoa tamin'izao fitsaboana maimaimpoana izao, ka mbola hitatra any amin'ny fokontany maro ao anatin'ny boriborintany ny fitsaboana atao izao, araka ny nambaran'ny kandida lohalisitra Fetra Ralambozafimbolololona. Ireo fokontany marefo no atao laharampahamehana satria zava-dehibe hoy izy ny fahasalamana indrindra amin'izao fahasahiranana mahazo ny mponina izao.

**Helisoa**

SARIITATRA : Tandremo fa misy mampijabaka ao aoriana depiote a !




### Ny Valosoa sy fakafaka

## Lalànan'ny serasera, hamboarina amin'ny mahamety ny mpitondra indray

Omena fe-potoana 2 volana hono ireo haino aman-jery tsy miankina tsy ara-dalàna hanao ny taratasy maha ara-dalàna azy ary mbola mihantona koa ny fangatahana vaovao, hoy ny minisitry ny serasera sy ny fifandraisana amin'ny andrim-panjakana, Lalatiana Rakotondrazafy, raha nitafa tamin'ny mpanao gazety. Averina dinihana indray ny lalànan'ny serasera ary iantsoana ireo tompon'ny haino aman-jery rehetra ny fanatanterahana izany. Ireo fanapahan-kevitra ireo dia noraisina mba handrindrana ny sehatry ny serasera, hoy ihany, Ramatoa Minisitra. Tsy misy maharatsy izany fa ny tiana hotsindriana dia ity : tamin'ny fotoana nanaovan'ny mpanao gazety fanairana nidinana an-dalam-be nanomboka teny Soarano ka hatreny amin'ny Lapan'i Tsimbazaza mahakasika ny fanoherana ilay volavolan-dalàna novain'ny governemanta ary natolotra nolanian'ny solombavambahoaka dia Ramatoa minisitra koa tao anatin'izay. Nisy mihitsy aza mpanao gazety nandohalika teo anoloan'ny lapan'i Tsimbazaza. Izany hoe, isan'ny nahita ny tsy rariny atao amin'ny mpanao gazety ny tenany, izy rahateo havanana amin'ny vavabe rehefa tsy metimety amin'ny eritreriny. Nahazo fanakianana taminy hatramin'ny filoha Rajoelina izay nanagadra azy sy i Fidèle Razarapiera. Nivadihany ny namany taty aoriana ary dia izy lasa minisitry ny serasera izao. Ny mahavariana dia rehefa tafajoro ny haino aman-jeriny sy ny mpiara-dia aminy dia izao manao fanambarana izao fa mbola mihantona ny fanokafana haino aman-jery vaovao. Fantany mantsy fa hisy mpandraharaha miomankomana hanokatra haino aman-jery, indrindra amin'izao fifidianana solombavambahoaka izao, ka dia aleo tapahantenda dieny mialoha sao hisongona ny haino aman-jerin'ireo mpomba ny fitondrana.Eo koa ireo haino aman-jery efa nijoro ara-dalàna, ka karohana fatratra indray ny hanakatonana azy ireny amin'ny endriny samihafa, na ara-tekinika io, na ara-taratasy. Efa mpahazo ny haino amanjerin'ny mpanohitra sy tsy mitovy hevitra aminy rahateo izany. Raha ny lalànan'ny serasera na ilay Code de la Communication indray dia anisan'ny efa narafitry ny mpisehatra ny tontolon'ny asa fanaovan- gazety iray manontolo efa tany amin'ny folo taona lasa no eken'ny rehetra saingy izay minisitry ny serasera tonga eo amin'ny fitondrana dia manao izay saim-pantany ary ataony amin'izay mahamety azy. Izao indray dia haverina hodinihana indray io lalàna io. Atao tsinontsinona indray izany ve ireo tolo-kevitra avy tamin'ny mpanao gazety iray manontolo ka ovaina indray ary hamboarina amin'izay mahamety ny fitondrana.

**Rajaonarimpanontsana**

Depiote Rastany

## Mitohy ny asa soa ataony amin'ny vahoaka



Nahafantarana ny depiote teo aloha Rastany tao amin'ny boriborintany faha 2 ny fanamboarana lalana tamin'izy depiote nandritra ny fotoam-piasàny voalohany . Ankehitriny , mbola mitohy ny asa ; nisy ny fanatsaràn'ny kandida Randrianarisoa Stanislas, na Rastany, natolotry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), izay nahazo tsodrano tamin'ny filoha Marc Ravalomanana, ny lalana tao Ambatoroka mba hanalana fahasahiranana ny mponina mampiasa izany lalana izany omaly . Ireo lavadavaka teny an-toerana no nasiana fanamboarana tamin'izany, izay tena hananan'ny depiote Rastany traikefa tsara amin'ny maha- mpandraharaha amin'ny fanamboarana fotodrafitr'asa azy .

**Helisoa**

Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy milamina ny fifandraisana amin'i Maorisy fa misy hafetsena lalina

Anisan'ny nanaitra ny mpanara-baovao ny filazan'ny filohan'ny Repoblika amin'ny hanomezana tany ho an-dry zareo Maorisiana any Moramanga, izay mirefy 80 ha hananganana orinasa. Tsy lavina, tena ilaina ny orinasa satria tena filana lehibe ilaina eto amintsika izany efa taona maro izao, ary maro rahateo ireo tsy an'asa eto amin'ny firenena. Izany hoe ho fanomezana asa ho an'ny Malagasy izany, kanefa tsy tokony hohadinoina fa harena miditra ho an-dry zareo Maorisiana izany. Hitady toerana hovidiana aza ho atao eto Madagasikara ho azy ireo mainka fa misy ny fiarahamiasa fanomezana tany ho azy ireo izao, aiza indray no hahita an'izany ? Zavatra roa loha anefa no tsy tokony hohadinoina raha eo amin'ny fiarahamiasa sy fifandraisana amin-dry zareo Maorisiana. Eo aloha ny orinasan'izy ireo eto, na any aminy, izay ampiasany teratany Malagasy. Tsy mbola nahita na nandre aloha ny maro hoe tena tafita tanteraka teo amin'ny fiainana ny Malagasy maro niasa tamin'izy ireo tao anatin'izay taona maro izay. Ny hita fotsiny dia nanan-kivelomana andavanandro izy ireo. Tsy misy iavahana amin'ny miasa amin'ny karana eto Madagasikara ihany. Izany hoe, ny asa hoforonin'izy ireo any Moramanga dia hiantoka fotsiny ihany ny fivelomana isan'andro raha hovelona ara-dalàna tsara, fa tsy hampivoatra tanteraka ny fiainan'ireo mpiasa ao. Esorina anatin'izany ireo Malagasy mety ho tomponandraikitra lehibe mpisolelaka sy mpila ranondranony toy ny fahita amin'ny orinasa maro eto amintsika tantanin'ny teratany Maorisiana, ary tsy mivaky loha amin'ireo mpiasa madinika. Ankoatra izay, ny tsy aritra mandrakariva raha eo amin'ny fiaraha-miasa sy fandraharahana, dia ny nanaovan-dry zareo Maorisiana ny mpandraharaha Malagasy mba saika hanorina orinasa tany Maorisy. Nanaovana toeran-tsy zaka izany ary nitadiavana ny fomba nialàny tany aminy. Tsy tokony ho vitavita ho azy iny raharaha iny raha ny tena izy. Ary raha tany amin'ny firenena mandroso hafa dia efa nisy akony teo amin'ny fiaraha-miasa na ny fifandraisana mihitsy aza izany. Aty amintsika ve izany avela malalaka ry zareo Maorisiana hifidy toerana malalaka sy hanorina orinasa, fa rehefa ny mpandraharaha Malagasy mba miezaka ny hatanjaka sy ho afaka hifaninana amin'izay orinasany any dia tsy misy lalana fa mihidy i Maorisy. Raha jerena amin'ny fomba malalaka dia tsy milamina izany fifandraisan'ny roa tonta izany fa misy hafetsena lalina. Asa raha mba noresahan'ny filohan'i Andry Rajoelina izany tamin'izy tany Maorisy teo na tsia noho ny antony mety ho tsy fahalalana na sanatria tsy firaharahiana fotsiny izao ?

***Sôh'son***

**FILOHA ANDRY RAJOELINA**

# Vehivavy ratsy fitondran-tena ireo hampodiana avy any Koweit

***Niantso ny filoha Andry Rajoelina hanampy azy amin'ny fodiana ireo vehivavy sasany, ratsy fitondratena any Koweit. Manaratsy ny mpampiasa any Koweit ireo mpiasa tsy manara-dalàna ireo.***



*Ireo Malagasy sasany any Koweit.*

Manodidina ny 3500 ireo mpiasa Malagasy miasa any Koweit, ny ankamaroan'izy ireo dia saika mpiasa an-trano avokoa, antsoina hoe "Kadama". Manodidina ny 100KD ny karama farany ambany raha misy mandray mihoatra ny 200 KD izy ireo. Ny 1KD = 10 000 ariary aty Madagasikara. Manana fahalalahana kokoa ireo mpiasa Malagasy miasa any Koweit raha ampitahaina amin' ireo firenena hafa, toy ny arabo avy any Liban. Ireo mpiasa ara-dalàna dia manana fahalalahana miala sasatra izy ireo ny faran'ny herinandro, mifamangy amin' ireo mpiray tanindrazana aminy, afaka mivezivezy amin'ny toerana fonenany ihany koa rehefa mahavita ny asany ny hariva. Manavao ny fifanarahana arakasa isaky ny roa taona ireo Malagasy miasa any, ary agence maro manerana ny nosy no mandefa ireo ankizy ireo.

### Tsy mijaly ny mpiasa any Koweit

Ampy ary azo iainana ny karama ho an'ireo mpiasa miasa any Koweit, afaka mivoaka sy mivezivezy ihany koa izy ireo amin'ny ora tsy fiasana. Ny fahalalahana azony izay no indro manimba ny asa ka mahatonga ny fifandirana tamin'izy ireo sy ny mpampiasa azy.

### Fivarotan-tena

Noho izay fahalalahana be loatra azon'ny sasany amin'izy ireo izay no mahatonga ireo Malagasy sasany zatra ny lalandririnina taty an-tanindrazana ka manao fomba ratsy any Koweit ary mahasarotony ireo mpampiasa, ka mandroaka azy ireo, ny hany sisa ataon' ny sasany amin'izy ireo dia mitady ny ivelomany, ka manao fivelomana fivarotantena. Zatra ny fiainana malalaka teto Madagasikara ka tsy mahafehy tena amin'ny fijangajangana izay tsy mety amin'ny finoana silamo, toy ny mampiditra lehilahy ao antrano, fivarotantena miharihary.

### Hentitra ny fanjakana any Koweit

Tsy andeferan'ny fanjakana any Koweit ny tsy fanarahan-dalàna ataon'ireo vahiny any aminy, isan'izany ny asa fivarotan-tena na mivantana na koa ankolaka, ary samborin'ireo Paolisy. Mahasarotra ny raharaha ny tsy fisian'ny taratasy toy ny Pasipaoro efa giazan'ny mpampiasa na dia vao nialana taty Madagasikara aza.

Eo indrindra no mahatonga ny olan'ny Malagasy sasany ratsy fitondrantena tany amin'ny teoerana niasany, manodidina ny 80 izy ireo no voagejan'ny polisy any an-toerana ka miantso vonjy amin'ny Filoha Andry Rajoelina. Diso tanteraka ny fanambarana sy ny resaka nifanaovan'izy ireo, izay manaratsy ny mpampiasa any Koweit. Manodidina ny 2 ka hatramin'ny 3 volana ny sazy miandry azy ireo miaraka amin'ny fampodiana an-tanindrazana. Tsy manana ambim-bava hatao sarandalana hodiana noho izany, ka fara hery ny miantso ny fitondrana.

### Milamina ny asa any Koweit

Maro amin'ireo Malagasy izay miasa any Koweit no mahita tombontsoa raha toa ka manatanteraka ny asa fanao andavanandro sy ny voarakitry ny fifanarahana, tsotra ireo arabo mpampiasa, saingy sarotony izy ireo amin'ny fitondrantena ho an'ireo mpiasa. Manamafy ireto Malagasy an'arivony miasa any fa izay mazoto miasa sy tsara fitondrantena dia velona tsara amin'ny asa fikaramana any.

Manaitra ny fitondrampanjakana izy ireo tsy hihaino feon-dakolosy tokana manoloana ny taraina sy ny resaka nataon'ireo mpiray tanindrazana amin'izy ireo tamin'ny tambazotran-tserasera sy fifampiresahana tamin'ny Filohampirenena.

Ahiahin'izy ireo mantsy ny sao hanaovan'ny fanjakana Malagasy safobe mantsina ny mpiasa malagasy rehetra any Koweit. Raha ny fantatra dia hisy ny fiarahana maneho ny firaisankina ho an'ny mpiasa Malagasy mivondrona ho iray any Koweit ny faha 29 martsa izao, hanehoany ny firaisankina sy ny fifankatiavana ary asa sosialy.

***Ny Valosoa***

## NY TENY FIAINANA

**Isaia 10:14**

*Ary tahaka ny fakàna ny ao amin'ny akanim-borona no nakan'ny tanako ny haren'ny firenena; ary tahaka ny famory atody nilaozan-dreniny no namoriako ny any amin'ny tany rehetra, ka tsy nisy nikopaka elatra, na nisoka-bava, na nikiakiaka.*

facebook NY VALOSOA

## Nomerao 1 ny kandidà depioten'ny TIM any Toamasina



**Niaina Corneille** : vita ny fisarihana ny laharan'ny kandida ao anatin'ny bileta tokana. Ny kandida natolotry ny TIM.K25 eto Toamasina no N° 01. < koa sahia andao hiaradia... >.

**Djameliah Krisnah Matsepaka** : arahabaina e, depiogte 1 farafaharatsiny izany ny TIM ao Toamasina.

**Alain Nantenaina Razafindrakoto** : Number 1, depiote iray efa assuré.

**Andreas Ndrasana** : tohanantsika reo ry namana rehetra an...

**Herisoa Volana** : Félicitations, number one, the first, ho voaloçhany izany ny TIM ao Toamasina I.

**Manni Annicko** : Ok ok zahay maka anareo.

**Marie Bernadette Raharisoa** : Number 1, ho voalohany izany any Toamasina ny TIM e, mino isika !

**Zaan Pooly Randrianarison** : tonga d mitarika voalohany zany e!

**Joelison Rafenomanantsoa** : Aiza io, sa ve manaraka an' i Mada d N°1 daholo ze candidat TIM. K25 ?

**Laure Andrianjatovo** : maromaro ihany ny kandidà depiote TIM no nahazo laharana voalohany manerana ny Nosy.

**Lydie Blessing Manana** : za maka anao ee!

**Ninou Ratsimbazafy** : ary toa be kibo daholo ianareo ?

**Georges Rabesalama** : mbola tsy afaka kankana kkkk!! Efa voky ireo tsy hanao kolikoly na depiote malety eny Tsimbazaza.

**Jacqueline Rasoarimalala** : ao tsara kosa ndri zany Blandine a! mendrika e!

**BE Leocadie** : tonga dia voalohany zany! Antsika tsy miala @ TIM.K-25.

**Rajohary Njaka** : TIM Toamasina, izy ilay voalohany, ok e!

## TONONKALO

## Izay ho fifidianana eto

Raha ny olona toy ireo no mbola avela hikarakara,
Raha ireo no mbola avela hiandraikitra ny fifidianana,
Dia inoy, tsy hisy akory izany hoe mangarahara,
Sady tsy ho madio mihitsy izay ho voka-pifidianana.

Na ny teny izay lazainy na ny zavatra nambarany
Dia toa efa fampiomanana ny amin'ny "fitanilàny".
Izay hoe fahaleovantenany, "fahaleovantena anarany",
Efa fantatra mialoha ny foto-kevitra ombàny.

Raha ny olona toy ireo no mbola haverina hitsara,
Raha ireo no hamoaka vokatra, raha ireo no hamoaka didy,
Dia tsy hisy zava-banona eto Madagasikara :
Hadisoam-panantenana no hameno ny mpifidy.

Koa ianao hirotsaka io, ianao maniry hifidy koa,
Izao dia efa miomàna fa ho ratsy ny tantara.
Izay ho fifidianana eto, tsy hitondra voka-tsoa
Raha mbola ireo no hamikitra eo sy mbola ho mpandray anjara.

***DADAN'i ZINA (22-03-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny kandida depiote TIM ao amin'ny Boriborintany faha-5 nanao fizaham-pahasalama maimaimpoana teny Soavimansoandro**










## Sakafo Ny Valosoa



Totonkena sy anandrano indray no laoka eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary karaoty na voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Fomba fanalana fofon-kelika



Fomba fanalana fofon-kelika indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina:

1)Vinaigre:

Tsara kokoa raha vinaigre blanc no ampiasainao fa tsy vinaigre mena

Fomba FANAOVANA azy : alohan'ny hatory iny mandro aloha, atao madio tsara ny helika. Rehefa maina dia hosorana vinaigre amin'ny alalan'ny cotton. Hoentina matory, hatao isan'andro, rehefa maraina vao sasana.

2)Carbonate: alohan'ny hatory hariva ihany koa no anaovana azy, mandro aloha, avy eo hosorana carbonate ny helika, tsy asiana rano fa tonga de hosorana iny carbonate vovony iny.

hoentina matory, maraina vao sasana.

Atao isan'andro

3)Citron:

Atao isaky ny hariva ihany koa. Mandro aloha, avy eo kosehina amin'ny citron ny helika, hoentina matory, maraina vao sasana , atao isan'andro ihany koa.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Moramanga any amin'ny faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Moramanga any amin'ny faritra Alaotra Mangoro indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra i Moramanga. Somary avo toerana ihany izy satria 980 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Amin'ny sampanan-dalana Antananarivo Ambatondrazaka, Antananarivo Anosibe An'Ala, ary Antananarivo Toamasina ity tanàna ity. Anisan'ny mampiavaka azy dia mbola be ala any Moramanga, misy valan-javaboahary manokana sy valan-javaboaharim-pirenena manakaiky ity tanàna ity dia Analamazaotra sy Andasibe Mantadia. Hazo sarobidy hita any ny voamboana sy ny hazo maity. Anisan'ny fototry ny toekarena any ny fizahantany, eo koa ny fambolena sy fiompiana.



## Zakaria 1: 6

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 121), Madagasikara 19 martsa 2019

***Zakaria 1: 6 "Fa ny teniko sy ny didiko, izay nandidiako ny mpaminany mpanompoko, tsy nahatratra ny razanareo va izany? Ary izy nitodika ka nanao hoe: Araka izay nosainin'i Jehovah, Tompon'ny maro, hatao amintsika, araka ny alehantsika sy ny ataontsika, dia araka izany no nataony tamintsika."***

Mbola tohizako ihany ny hafatro, ny anatro, ny fampianarako ry olombelona o! Mbola mikasika ny mpaminany ihany. Matetika dia mipetraka eo amin'ny olona ny fanontaniana manao hoe : fa izao olona rehetra te hilaza azy hoe mpaminany izao ve dia miteny daholo e? Marina tokoa izany fanontanianareo izany. Inona marina ity atao hoe : "mpaminany" ity? IZAHO JEHOVAH no manambara izao FAHAMARINANA izao, tsy avy amin'olombelona toa anao, tsy izay heverinao na izay metimety aminareo. IZAHO no namorona ny lanitra sy ny tany sy izay eo aminy, asan'ny tanako hianareo, **Salamo 24: 1** *"An'i Jehovah ny tany sy izay rehetra eo aminy. Izao rehetra izao sy ny mponina eo aminy."* Ny hanompo AHY no antom-pisianareo ary hampanjaka an'i JESOSY eo amin'ny fiainanareo no niantsoana anareo araky ny antso sy ny tendry atao aminareo tsirairay avy. Ny hametraka ilay FANJAKAKO no TANJONA ka samy manao ny asany ireo nantsoina. Raha olombelona no mampianatra anao mety tsy ampy, mety ho feno. Indro IZAHO izay namorona sy niantso no miteny aminareo ka fantaro tsara. Samy manao ny asany ny iraka (misionera), ny evenjelistra (mpitaona sy mpamory), ny mpiandry (pastera), ny mpampianatra (mpanamarina na mpanamafy izay voasoratra). Ny mpaminany kosa indray dia toy izao : tsy maintsy miteny sy miresaka mivantana aminy AHO ary mandidy azy mba hiteny izy, mba handeha izy, mba hampianatra koa, mba hananatra mafy, mba hampibebaka, mba hanosotra izay antsoina, mba hiantso ny olona hiverina AMIKO. Ny asan'ny mpaminany no ASA mafy indrindra ary tsy ekena indrindra amin'ny asa rehetra. Hono ho'AHO ry mpihaino sy mpamaky? Mba fantatrareo ve fa ny mpaminany dia izay antsoiko na lehilahy na vehivavy, IZAHO JEHOVAH no mifidy fa tsy hianareo, **Eksodosy 15: 20** *"Ary **Miriama mpaminanivavy**, anabavin'i Arona, dia nitondra ny ampongatapaka teny an-tànany; ary nivoaka nanaraka azy ny vehivavy rehetra nitondra ampongatapaka sady nandihy"* **Mpitsara 4: 4** *"Ary **Debora mpaminanivavy**, vadin'i Lapidota, no nitsara ny Isiraely tamin'izany andro izany."* **Lioka 2: 36** *"Ary nisy **mpaminanivavy anankiray**, dia Ana, zanakavavin'i Fanoela, avy tamin'ny firenen'i Asera; efa anti-panahy tokoa izy ary efa nitoetra tamin'ny vadiny fito taona taorian'ny naha-virijina azy"* Hitanareo amin'izany ary fa arakaraky ny zava-misy eo amin'ny tany no anirahana sy ananganana ny mpaminany. Misy koa ny mpaminany lehilahy toa an-dry Natana, ry Semaia, ry Obeda, ry Jeremia, ry Isaia sns... aoka ho fantatrareo fa ny mpaminany koa dia mitsara, **I Samoela 4: 18** *"Ary nony nilaza ny amin'ny fiaran'Andriamanitra izy, dia lavo nitsilany niala tamin'ny sezany teo anilan'ny vavahady Ely, ka folaka ny vozony, dia maty izy, satria efa antitra sady mavesatra. Ary efa nitsara ny Isiraely efa-polo taona izy"* Fa misy koa ny mitsara sady mpanjaka toa an'i Davida, **II Samoela 8: 15** *"Ary Davida nanjaka tamin'ny Isiraely rehetra ka nitsara sy nitondra marina ny vahoakany rehetra."* Ho hazavaiko amin'ny manaraka ny atao hoe mitsara. Ny antom-pisian'ny mpaminany dia hahamora ny ASA sy manamaivana izay manao ny ASAKO. Hamerina ny olona mania amin'ny fahamarinana mba tsy handringana azy ny fahotany. Ao amin'ny mpaminany no hitsarako ny adin'izao tontolo izao mba hampiaiky firenena maro. Tsy zakan'ny olona mihitsy ny mandre hoe : itenenako mivantana ny mpaminany ary tsy maintsy, fa izany no ASAKO miaraka aminy. Betsaka ny olona no miteny ratsy ireny mpaminaniko ireny, manisy ratsy, manome tsiny. I Miriama sy Arona aza moa dia sahy niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe **Nomery 12: 2** *"Dia hoy izy mianadahy: Moa Mosesy ihany va no efa nitenenan'i Jehovah? tsy izahay koa va no nitenenany? Dia reko Jehovah izany."* Izahay koa anie itenenan'i JEHOVAH e! Jereo, vakio izay niafarany: Boka, **Nomery 12: 9-10** *"Dia nirehitra ny fahatezerako Jehovah tamin'izy mianadahy, ka niala Aho. Ary ny rahona niala tamin'ny trano-lay; ary, indro, boka Miriama ka fotsy tahaka ny oram-panala; ary Arona dia nijery an'i Miriama, ka indro fa boka izy."* Tokony tsy ho adinoinareo ity soratra ity, **Amosa 3: 7** *"Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony."* Izao no fotoana hanatanterahiko io Teny io : tsy maintsy mpaminany no atsangako, itenenako, irahiko ary hoy **Isaia 55: 8-11** *"Fa ny fihevitro tsy fihevitrareo ary ny lalanareo kosa tsy mba lalako, hoy Jehovah. Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra noho ny tany no hahavon'ny lalako noho ny lalanareo sy ny fihevitro noho ny fihevitrareo. Fa toy ny ranonorana sy ny oram-panala milatsaka avy any an-danitra ka tsy miverina any raha tsy efa nahavonto ny tany ka nampaniry* sy nampahavokatra azy, mba hahatonga voa ho an'ny mpamafy sy hanina ho an'ny mpihinana, [Heb; nampiteraka]Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina Amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy."* Toy izao no dikany: ambarako amin'ny mpaminany ny Teny, ampidinina ao aminy ka rehefa vitany ny mampita izany hafatra izany izay izy vao mamerina aty indray ny hafatra ary tsy maintsy tanteraka amin'izay anirahana azy. Izany no mahatonga ny mpaminany tsy maintsy miteny sy manambara mba hiverina AMIKO izay nolazaiko. Tsy azon'ny olona atao mihitsy ny manampim-bava ny mpaminany fa tsy ekeko raha tsy ataony izay ampiteneniko azy fa hanadinako azy izany.

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## BORIBORITANY FAHA-2 (CUA)

# Nanadio lakandrano miampita arabe teny Ankazotokana- Ambohitsiroa VN

Ho tohin'ny asa izay natao teny amin'ny fokontany Ankazotokana Ambohitsiroa VN, Boriboritany faha-2, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izay nanavao ny toeram-panarim-pako vao tsy ela izay dia niroso tamin'ny fanokafana sy fanadiovana ny lakandrano miampita ny arabe indray ny vondrona mpanadion'ny boriboritany faharoa. Izany fanadiovana izany dia ho fisorohana ny fiakaran'ny rano amin'izao andro fahavaratra izao ary koa ho fikojakojana ny arabe satria anisan'ny mitarika fahasimban'ny lalana haingana dia haingana



*Ny fanadiovana lakandrano nataon'ny Boriboritany faha-2.*

ny lakandrano tsentsina eo anivon'ny arabe. Niroso tamin'ny fanalana ny saron'ireo lakandrano mihintsy ireo vondrona mpanadion'ny boriboritany faharoa ary avy eo dia nanala izay fako rehetra mety hanentsina ny lakandrano. Tsy mitsahatra hatrany ny kaominina Antananarivo renivohitra ny manentana ny mponina mba tsy hanary fako eny rehetra eny fa mety hanentsina lakandrano izany.

**Aly**

## Boriboritany faha-4 (CUA)

# Nanala 4-mi izay mampimenomenona ny manodidina teny amin'ny lalamby Anosibe

Toy ny mahazatra dia miezaka hatrany ny ao anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) mihaino ny hetahetan'ny vahoaka. Tamin'ity manaraka ity dia nitaraina ny mponina manodidina ny Faritra Anosibe eny amin'iny lalamby iny noho ny fisian'ireo 4mi, izay manorimponenana eny an-toerana. Ny anton'ny fitarainan'ireo mponina dia ny tsy fandriampahalemana izay iainan'izy ireo eny amin'ny manodidina eny, hita eny daholo mantsy ny filokana , ny fivarotan-tena , sy ireo fanendahana maro samihafa, eny na ny tranon- dopy aza dia hita eo avokoa, tsikaritra eny ihany koa ny fitobian'ireo gadra izay efa nahavita ny sazy teny am-ponja ka mampatahotra ny fiaraha-monina manodidina. Noho izany fitarainana izany, omaly maraina tokony ho tamin'ny 7 ora teo dia nidina ifotony ny teo anivon'ny Boriboritany faha-efatra niaraka tamin'ny Direction des Actions Sociales (DAS), sy ny Fokontany Anosibe Andrefana rehefa avy nanadihady, nanala ireo 4-mi ireo avy hatrany tsy misy hatak'andro, ka nandroaka ireo entana maro samihafa izay hita teo an-toerana. Nilamina ny fanalana azy ireo noho ny fifampiresahana nivantana izay nataon'ny roa tonta. Raha ny paik'ady



*Ny fanalana 4-mi teny amin'ny lalamby Anosibe.*

nentina tamin'ity indray mitoraka ity dia inoana fa tsy hiverina eny an-toerana intsony izy ireo, ka tsy hanelingelina ny fiaraha-monina manodidina. Tao aorian'ny hetsika dia nodiovina ny toerana nialan'izy ireo noho ny loto nisy teo. Tsy mitsahatra hatreto ny hetsika fa ho tohizana ny fanalana ireo 4-mi izay eny amin'ny faritra manamorona ny lakandranon'Andriantany iny, izany dia hatao amin'ny fotoana manaraka.

**Serge**

## Mage 4

# Hampirefodrefotra ny Lapan'ny kolontsaina rahampitso

Taorian'ny fahombiazana izay azon'ny tarika Mage 4 nandritra ny fankalazana ny faha-25 taona niakaran'ny tarika an-tsehatra ny taona 2018 teo, dia hiverina ao amin'ny Lapan'ny kolontsaina sy ny fanatanjahantena Mahamasina indray ny tarika rahampitso manomboka amin'ny 2 ora hanome seho goavana vaovao ho an'ny mpankafy, seho izay hanombohana sahady ihany koa ny 25 taona manaraka. Ny Ivenco hatrany no miara-miasa amin'ny tarika amin'ny fikarakarana ity seho goavana ity, ny Ivenco izay anisan'ny mpikarakara fampisehoana matihanina eto Madagasikara. Raha ny fanazavana dia hanatombo noho izay efa hita tamin'ny herintaona ireo fitaovana ampiasaina sy ny zavatra ho hita mandritra ny fampisehoana. Haharitra adin'ny efatra ny fampisehoana ka hira hatrany amin'ny 45 no efa noketrehin'ny tarika hatolotra ny mpankafy. Hisy ihany koa fiakarana an-tsehatr'ilay nandresy tamin'ny "cover" izay nokarakarainy ny tarika Mage 4 ny volana febroary teo, taorian'ny nivoahan'ilay hira vaovao mitondra ny lohateny hoe "Rediredy". Tsiahivina fa na ny tarika Mage 4, na ny Ivenco mpikarakara, dia samy voafidy mendrika ny taona 2018 tamin'ny alalan'ny "RDJ Mozika 2018".

**Andriam**

CAN 2019 – LALAO MIVERINA

# Hifandona anio ny Barea sy ny Lionan'i Teranga Senegaly

Hotanterahina anio any Senegal ny lalao miverina eo amin'ny Barean'i Madagasikara sy ny Lionan'i Teranga Senegal, lalao izay mbola tafiditra amin' ny fifanintsanana hiakarana amin'ny fiadiana izay ho tompon-dakan'i Afrika amin'ny ekipampirenena, vondrona A. Any amin'ny kianjan'ny Lat Dior Thiès no hotanterahina ny fihaonana, ity kianja ity izay kianja vaovao tena mbola anatin'ny fanamboarana saingy efa nankatoavin'ny Kaonfederasionan'ny kitra afrikana (Caf) fa azo hilalaovana taorian'ny fitsidihan'izy ireo. Raha ny voka-dalao azon'ny ekipa roa tonta nandritra ny fifanintsanana dia efa samy tafakatra, ry zareo Senegal no mitarika izay manana isa 13 ary ny Barean'i Madagasikara kosa manaraka manana isa 10. Izany hoe efa ireto ekipa roa ireto no hisolo tena ny vondrona A amin'ny Can 2019, izay hotanterahina any Egypta ny volana jona ho avy izao. Hiady mafy ny Barea izay tarihin'ny mpanazatra Nicolas Dupuis, izy izay nifantina ireo mpilalao hifandona amin-dry zareo Senegale ireto. I Faneva Ima hatrany no kapitenin'ny Ekipam-pirenena Malagasy, nisy ny vaovao nantsoina hanatevina ny ekipantsika dia i Melvin Adrien, nisy koa ny tsy tazana ao anaty lisitra toa an-dry Bolida sy ry Voavy Paulin. Ho an-dry zareo Senegale kosa dia fantatra fa mbola tsy manao ambanin-javatra izao fihaonana izao ny mpanazatrany Aliou Cissé satria dia mbola nantsoiny avokoa ireo kalazany amin'izao lalao hifandonany amin'ny Barea an'i Madagasikara izao. Raha tsiahivina dia nisaraka tamin'ny ady sahala 2 sy 2 ny roa tonta tamin'ny lalao mandroso izay natao tetsy Mahamasina ny taona lasa iny, lalao izay tena nampitsanga-mitoetra ny Malagasy tonga marobe tamin'izany. Amin'ity anio ity izany no hahafantarana raha ho tratrantsika ny isa 13 andry zareo Senegale, izany hoe mandresy isika. Araka izany dia any Senegal indray ny mason'ny mpitia baolina kitra Malagasy anio.

Ireo handrafitra ny Barea : Melvin Adrien ilay vao nantsoina, Jean Dieu Donné, Ibrahim Dabo, Pascal, Thomas Fontaine, Romain Mentanire, Mombris Jérôme, Toavina, Morel Jeremy, Abel Anicet, Baggio, Marco, Dimitry, Amada Ibrahim, Carolus, Zotsara, Njiva, Faneva Ima, Gros William.



*Ny Barea an'i Madagasikara sy ny delegasiona miaraka aminy, noraisin'ny Masoivohon'ny Malagasy tany Dakar Senegal, Paraina Auguste mivady.*

**Andriam**

Andron'ny Francophonie sy ny ATS Sud- Nord ary ny MSF

# Niavaka ny tao amin'ny kaominina Ambohitrolomahitsy

Raha toa ka nanamarika ny andro iraisam-pirenena ho an'ny tany mampiasa ny ampahany na manontolo ny teny Frantsay isika eto Madagasikara ny alarobia lasa teo, dia tsy diso anjara tamin'izany ny ATS na Asa tânana Solidarité Sud Ambohitrolomahitsy ao anatin'ny distrikan'i Manjakandriana. Raha tsiahivina ny ATS Ambohitrolomahitsy dia niorina tamin'ny taona 2006 izay niainga tamin'ny sata fifankatiavana teo amin' ireo mpikambana sy ny Château-Thierry France. Tao anatin'ny fanohanana fiaraha-miasa ny sehatry ny kolontsaina, sosialy ary ara-toe-karena. Teo amin'ny lafiny kolontsaina dia nanome fampianarana fahaizamamaky teny sy manoratra, teo amin'ny sosialy dia nanome « Ambulance » ho an'ny kaominina ary teo amin'ny toe-karena kosa dia niara-niasa tamin'ireo vehivavy tamin'ny fivarotana lamba mora izy ireo. Teo ihany koa ny fampidirana rano fisotro madio tao Ankorombe sy Ambohitrolomahitsy, ny fananganana CEG, CSB II ary ny EPP tao Ambohitrolomahitsy ihany. Nambaran'ny mpandrindra ny ATS, Ralaiarisoa Laurette fa vokatry ny ATS nord sy ny ATS sud niaraka tamin'ny MSF (Maison de savoir et de la Francophonie) no nanamarihana ity andro iraisam-pirenen'ny Francophonie ity. Hatramin' izay mantsy, dia fivarotana lamba avy any ivelany no nanamarihana izany, sady fanamarihana ny andro iraisampirenena ho an'ny firenena miteny ampahany na manontolo ny teny Frantsay. Tao anatin'ny fanamarihana no nampiasana ny « Dix mots » teo koa ny resaka tononkalo, sary, vaky sehatra, ary niafara tamin'ny soratononina sy ny rebus, ka maro no nandray anjara ireo mpianatra, mpampianatra avy eny anivon'ny Zap sy avy any ivelany. Teo ampiandohana dia nitsiry ihany koa ny hevitra amin'ny trano famakiamboky mba hampitovy lenta amin'ny sekoly hafa, ka namaly ny ATS nord Château- Thierry France tamin'ny fanohanana ara-pitaovana, saingy ny olana ankehitriny dia ny jiro satria tsy mbola misy «internet » ahafahana mikaroka vaovao ivelany ireo mpianatra ao amin'ny MSF izay mbola ezaka miandry io. Raha malaina tamin'ny fidirana mamaky boky ireo mpianatra teo aloha, dia efa mahatratra 203 ireo mpikambana ankehitriny ary misokatra in-4 isan-kerinandro izay ahitana club 5 dia ny langue, danse, théâtre, ary ny jeux izay hiampy informatika aoriana. Nandritr'ireo hetsika ireo ny Alarobia lasa teo dia notolorana fanomezana sy loka toy ny kojakoja samihafa, fitaovam-pianarana sns… ireo rehetra nandray anjara tamin'ny fanamarihana iny andron'ny Francophonie iny. Nankasitraka sy tonga nanome voninahitra ny fotoana ny lefitry ny ben'ny tanànan'Ambohitrolomahitsy ary nankahery sy midera ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta noho ny fampandrosoana lovain-jafy eny ifotony. Raha tsiahivina, dia fanjakana sy firenena maherin'ny 80 isa no mivondrona ao amin' ny OIF ary mahatratra 300 tapitrisa ny mampiasa ny teny Frantsay ankehitriny raha tombanana ho 700 tapitrisa kosa izany afaka folo taona.



*Filoha, mpandrindra ny tetik'asa, mpikambana ary ireo mpampianatra teny Ambohitrolomahitsy ny Alarobia teo*

**Radafy**


Fampianarana

# Vohay midanadana ny varavaran'ny sekoly

"Vohay midanadana ny varavaran'ny sekoly dia hikatona ho azy ny varavaran'ny fonja". Tenin'ny olon-kendry anankiray izany ary ny maro dia miombon-kevitra tanteraka amin'izany. Rehefa midanadana ny varavaran'ny sekoly ka tomombana ny fampianarana sy fanabeazana eo amin'ny firenena iray dia azo antoka fa hihena tanteraka ireo mpangalatra, mpandroba, jiolahy amin'izany firenena izany. Mahagaga anefa eto amintsika fa ny fonjan'i Nosilava izay efa nakatona ela satria tena tsy zarizary sy tsy manaja ny fepetra momba ny fanajana ny zon'olombelona no tadiavin'ny filoha ankehitriny hamboarina sy hiverenana hosokafana. Tanora fanahy tokoa angamba izy ka mbola tsy teraka tamin'ny taona 1972 izay nandefasan'ny filoha tamin'izany ho sesitany tany Nosilava ireo tanora mpianatra teny amin'ny Anjerimanontolo sy ireo mpanao gazety na olona sasantsasany nampangaina ho nitarika fihokoana hanongam-panjakana tamin'izany. Nahatezitra ny teto Antananarivo sy tany amin'ny faritra samihafa izany ka nahatonga hetsi-panoherana izay tsy nijanona raha tsy niafara tamin'ny fionganan'ny filoha Philibert Tsiranana. Nofy ratsy ho an'ny mpitondra tamin'ny repoblika voalohany izany nandefasana olona ho sesitany tany Nosilava izany, satria tena anisan'ny fahadisoana goavana nataon'izy ireo tamin'ny fitantanana ny vahoaka. Ankehitriny dia tian'Ingahy Rajoelina haverina indray ny fanokafana izany fonja izany. Ny fanontaniana dia hoe izany ve no tena maika sy laharam-pahamehana ankehitriny ? Izany ve no tena takian'ny maro amin'ny Malagasy amin'izao fotoana hisian'ny fahantrana lalina eto amin'ny firenena izao ? Tsy ampy ve Antanimora sy Tsiafahy ary Ambalatavoahangy sy ny hafa sa tena mbola ho lava ny lisitry ny hiditra am-ponja ka dia efa manao fiomanana "manara-penitra" ny amin'izany ny mpitondra ankehitriny ? Mila vola, ary tsy kely akory, izany fanavaozana sy fananganana fonja vaovao izany. Saingy tsy aleo ve manorina sekoly sy trano fianarana vaovao hanampiana sy hanatsarana ireo EPP, CEG maro eto amin'ny nosy, izay tena ratsy sy mahonena ny sasany amin'izy ireo ?Tsy aleo ve ny vola hividianana aron'akanjo sy fitaovam-pianarana ho an'ny zaza malagasy satria tao anatin'ny 3 taona dia hita ho nihena be ny isan'ny mpianatra mianatra any ambaratonga faharoa fototra vokatry ny fahantran'ny raiamandreny ? Tsy aleo ve hanampiana ireo mpampianatra FRAM na miasa an-tselika ka mikarama ambany lavitra noho ny karama farany ambany eken'ny lalàna eto Madagasikara ? Voatery mantsy ny maro amin'ireny mpampianatra ireny hitady vadin'asa satria tsy mahavelona azy ny karama maha-mpampianatra. Vokatr'izany dia ratsy sy tsizarizary ny vokatra sy ny kalitao eo amin'ny tontolon'ny fanabeazana ankehitriny. Ny minisitry ny fampianarana dia nanambara mazava fa tsy andoavam-bola ny fiatrehana ny fanadinana CEPE sy BEPC. Tsy izany anefa no mitranga ankehitriny any amin'ny Zap maro eran'i Madagasikara fa takiana vola 1500 ariary hatramin'ny 3000 ariary ny mpiadina satria tsy misy, hono, ny vola ho fampandehanan-draharaha eny amin'ny EPP sy CEG. Ka tsy aleo ve zaraina ho an'ny sekolimpanjakana ho fampandehanan-draharaha ny vola toy izay hananganana indray ny fonjan'i Nosilava ? Sa araka ny resaka mandeha dia ho maro ireo olona akaiky ny fitondrana no mbola ho voasaringotra momba ny afera maloto toy ny fanondranana hazo sy vato sarobidy, ka hoe any Nosilava no mody halefa izy ireo ary avy eo dia havoaka mangingina mankany ivelany.

**Ny Valosoa**


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Tiavina A**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**16/03/19 hatramin'ny 23/03/19**

- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54
- **HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/020 22 307 17

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 890-03-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

CUA

# Nanatanteraka atrikasa fampahafantarana ny SIG ny CUA

Ho fanantaterahana ny fanisana na "Recensement" eo anivon'ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo, dia notanterahina omaly tao amin'ny Hotel de ville Analakely ny atrik'asa Monisipaly fampahafantarana ny "SIG" na Système d'Information Géographique, rafitra fitantanana ireo vaovao sy antontan-kevitra jeografika samy hafa amin'ny tanàna. Tsapan'ireo mpitantana ny tsy mbola fisian'ity SIG ity amin'ny fanangonana ireo zavatra mahakasika ny tanàna tokony ho fantatry ny rehetra, toy ny isan'ny mponina sy ny toeramponenany,... Hatramin' izao mantsy dia mbola Excel sy Access no ampiasaina ahafahana mahafantatra ny fanisàna. Tanjona aorian'izao atrik' asa izao ny hanatsara ny fomba fitantanana ny tanàna, hampivoatra ny tanàna, hampivondrona ireo "données" na antontan-kevitra miparitaka ary ahafahana mametraka ireo tetik'asa laharam-pahamehana eto anivon'ny tanàn'Antananarivo araka ny nambaran'Andriamatoa Andry Rakotoarisoa, Chef de service des relations avec les institutions eo anivon'ny Direction de la Mobilisation des Ressources (DMR) eo amin' ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo na ny CUA. Nandritra ity hetsika ity dia nisy ny fitsirihana ireo hiara-miasa amin'ny Kaominina amin'ny fanatanterahana ny Recensement, ary aoriana kely dia hapetraka ny "cellule SIG. Tonga nanohana ny heviny nandritra ity hetsika ity ihany koa ny solontena avy amin'ny FTM, INSTAT, MAHTP, AGETIPA, Société Sary Tany, ary ny Banky iraisam-pirenena. Aorian'ity atrik' asa ity dia hisy avy hatrany ny "collecte des données" ahafahana manome azy ireo ny Mpitantana ny tanàna ahafahana manohy ireo tetik'asa napetraky ny Ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana. Niatrika izao atrikasa izao, nisolotena ny ben'ny tanàna, ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna Olivier Randrianarisoa, sy ny sekretera jeneralin'ny Kaominina, Guy Rivo Randrianarisoa.



*Ny atrikasa tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely omaly.*

***Aly***

Antsakaviro- Mascotte

# Manao andrana ho fandaminana ny fifamoivoizana ny CUA

Nanatanteraka andrana ho famahana ny fitohanan'ny fifamoivoizana ny eo anivon'ny sampandraharaha misahana ny fitaterana sy ny fifamezivezena an-tanàn-dehibe (DTMU) ao anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Ny toerana nanaovana izany andrana izany dia teny Antsakaviro mihazo ny lalana miakatra mankeny amin'ny Mascotte iny, miala avy eny amin'ny Ecole de Médecine Antsakaviro. Natao ho laharandroa izany lalana izany, ka afaka mandray ny zotra ankavia na ankavanana avokoa izay rehetra miakatra mihazo an'i Mascotte iny. Izany hoe azo atao laharandroa ny miakatra an'i Mascotte mandalo ny Ecole de Médecine Antsakaviro iny. Hita teny antoerana fa mety tokoa ilay fanandramana natao ary hita ho mahavaha ny ampahany amin'ny fitohanana .
Koa manentana ireo mpitondra fiara izay mihazo izany lalana izany mba hanaiky ny andrana ny talen'ny DTMU ao amin'ny CUA, Landy Raveloson, fandaminana vaovao no atao satria soa iombonana ho an'ny rehetra izao ataon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra izao.

***Isambilo***




*Ny talen'ny Fitaterana ao amin'ny CUA?*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 275**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0274)

***Mitsivalana***
- Filohany
- Olona – IV
- Tohatra
- Avo – Na
- Fa (Miv) – Reko
- Nentiny
- Atao – Ana

***Mitsangana***
- Fotoana
- Ilo – Fet(y)
- Loha – Na
- Vano (Miv) – To
- Hatory
- Ena
- Niankin(a)
- Vy (Miv) – Ao

### TENY MIFANAPAKA N° 275




**Mitsivalana**

**1.** Mifady hanina **2.** Menaka – Alon-drano masina **3.** Be taona **4.** Kere – Taova eo afovoany **5.** Paska – Entina manontany **6.** Bibikely amin'ny volo – Nizara roa (Miv) **7.** Efatra – Hita amin'ny karatra isan-karazany **8.** Izao rehetra izao – Ao amin'ny Tily **9.** Solfà – Manao ahoana **10.** Alika – Ranom-pary mahamamo (BR)

**Mitsangana**

**A.** Mpitsikera ny marina **B.** Kianteny – Mivadika (Miv) **D.** Poketra **E.** Aizina – Matoanteny **F.** Korontana an-dalambe – Feo miverina (Miv) **G.** Faran-teny (Miv) – Simba, masiso **H.** Tsy afa-miteny (BR) – Vola tsy voaloa (Miv) **I.** Mpanoritra (Miv) – Teny ratsy – Mpanondro **J.** Volana **K.** Mampisafidy – Endrika amam-bika (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0274

**Mitsivalana**

1 Fanorena 2. Alamo - Iny 3. Lambamena 4. Anio (Miv) 5. An - Jirama 6. Inona ? - Vony (Miv) 7. Voa - Tehaka 8. Njola 9. Tia - Orana (Miv) 10. Fo (Miv) - Mihatra (Miv)

**Mitsangana**

A. Faly - Ivato B. Ala - (V)ano - If D. Namonoana E. Omby F. Raanjato G. May - Tale (Miv) H. Rihana I. (F)aingana - Ha (Miv) J. Na - Mokary K. Sy - Sava - OM

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny kandida depiote Ramboasalama Emilien nanolotra «compteur» vaovao ho an'ny Tsenan'i Namontana.















Ny kandida depiote Rastany nanamboatra lalana teny Ankorahotra.





